**Aza misasatra hanan-karena;
mitsahara amin'ny fahendrenao.
Hibanjina ny tsy misy va ny masonao?
fa ny harena dia manao elatra tokoa;
Manidina tahaka ny voromahery
mankany an-danitra izy.**

OHABOLANA 23:4-5

Ary hoy Izy taminy: Mitandrema, ka mitandrema mba tsy ho azon'ny fieremana; fa ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny haben'ny fananany. Ary nanao fanoharana taminy Izy ka nanao hoe: Ny tanin'ny lehilahy manan-karena anankiray nahavokatra be. Ary hoy izy: Izao no hataoko: horavako ny trano fitehirizako ka hanao izay lehibe kokoa; ary any no hametrahako ny vokatra rehetra sy ny fananako. Ary izaho hilaza amin'ny fanahiko hoe: Ry fanahy ô, manana fananana be voatahiry ho amin'ny taona maro ianao; mialà sasatra, mihinàna, misotroa ary mifalia. Fa hoy Andriamanitra taminy: Ry adala, anio alina no halaina aminao ny fanahinao, ka ho an'iza izay zavatra noharinao? Dia toy izany izay mihary harena ho an'ny tenany, nefa tsy mba manan-karena ny amin'Andriamanitra. LIOKA 12:15-21

... Anaka, manao ahoana ny hasarotry ny hidiran’izay matoky ny harena amin’ny fanjakan’Andriamanitra! MARKA 10:24

Fa inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao izy, nefa very ny ainy? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy? MARKA 8:36-37

Izay tia volafotsy tsy ho voky volafotsy; na izay tia harena amin'ny fitomboana; zava-poana koa izany. Mpitoriteny 5:10

Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. KOLOSIANA 3:2

Fa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra omban'ny fahafaham-po dia tombony lehibe. Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin'izao tontolo izao isika, sady hita tokoa fa tsy hahatondra na inona na inona hiala. Ary raha manana hanina sy fitafiana isika, dia aoka hianina amin'izany. 1 TIMOTY 6:6-8

Aza matoky ny fanaovana an-keriny, ary aza matoky tena amin'ny halatra; SALAMO 62:10

Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony; EFESIANA 4:28

Amidio ny fanananareo, ka manaova fiantrana; Manaova kitapo tsy mety tonta ho anareo, dia harena tsy mety ho lany any an-danitra, izay tsy azon'ny mpangalatra, sady tsy misy kalalao manimba. Fa izay itoeran'ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo. LIOKA 12:33-34

Fa ianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao havia izay ataon'ny tananao ankavanana, mba hatao ao amin'ny mangingina ny fiantranao, ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao. MATIO 6:3-4

Sambatra izay mihevitra ny malahelo; Jehovah hamonjy azy amin'ny andro fahoriana. SALAMO 41:1

Arovy ny ory sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo. SALAMO 82:3

Izay matoky ny hareny dia ho lavo; Fa ny marina hamololona tahaka ny rantsankazo. OHABOLANA 11:28

Misy manao ny tenany ho manan-karena, nefa tsy manana na inona na inona; OHABOLANA 13:7

Izay manamavo ny namany dia manota; OHABOLANA 14:21

Izay miantra ny malahelo dia mampisambotra an'i Jehovah; ary izay nomeny dia homeny azy indray. OHABOLANA 19:17

Aleo ho tsara laza toy izay harena be, ary tsara ny fitia noho ny volafotsy sy ny volamena. OHABOLANA 22:1

Izay manana maso miantra hotahina; fa manome ny haniny ho an'ny malahelo Izy. OHABOLANA 22:9

Izay manome ho an'ny malahelo tsy hanan-java-mahory; Fa izay mitampi-maso hahazo ozona be. OHABOLANA 28:27